Izany dia vato natsipy tao amin'ny afobe tamin'ny taona fitopolo lasa izay, ary mivarina any amin'ny afo mandra-pahatongany any ambany indrindra

Tatitra azo avy tamin'i Abo Horaira (R.A) niteny izy manao hoe : Niaraka tamin’ny irak’Allah (S.A.W) izahay, ka nandre fidobokan-javatra izy, dia hoy ny Mpaminany (S.A.W) : “Fantatrareo ve izany? Hoy izahay : Allah sy ny Irany ihany no mahalala azy, dia hoy izy : «Izany dia vato natsipy tao amin'ny afobe tamin'ny taona fitopolo lasa izay, ary mivarina any amin'ny afo mandra-pahatongany any ambany indrindra».

[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Nandre feo manelingelina toy ny fianjeran’ny vatan-javatra ny Mpaminany (S.A.W), ka nanontany ny iray tamin’ireo mpiara-dia aminy momba izany feo izany, ka hoy izy ireo : Allah sy ny irak’Allah no tena mahalala tsara. Dia hoy ny Mpaminany (S.A.W) : Izany feo renareo izany dia vato nazera avy tany amin'ny sisin'ny afobe, fitopolo taona lasa izay, ary efa nianjera sy nivarina tao aminy mandra-pahatongany ambany indrindra amin'izao fotoana nandrenesanareo ny feo izao.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/3370